Lesona 8: Ny fanazavana ireo faminaniana

A. Mianatra avy amin'ny fampianarana Baiboly nataon'i Jesosy

1. Mitantara ny fampianarana Baiboly mahavariana izay nataon’i Jesosy teny an-dalana ho any Emaosy i Dr. Lioka. Lioka 24:13-27
2. Ahoana no namalian’ireo mpianatra roa ny fampianarana Baiboly nataonn’i Jesosy azy ireo? Lioka 24:31-32
3. Tatỳ aoriana, tamin’io andro io ihany, dia nihaona tamin’ny mpianatra tany Jerosalema i Jesosy. Lioka 24:44-45
4. Inona avy ireo lesona manan-danja azontsika ianarana avy amin’ireo fampianarana Baiboly roa nataon’i Jesosy ireo?

B. Fitsipika fanazavana ny faminaniana

1. Raiso amin’ny maha-iray azy ny Baiboly manontolo. 2 Timoty 3:14-17
2. Tadidio fa i Kristy no ivon'ny Soratra Masina rehetra. Jaona 5:39-40 (Lioka 24:27)
3. Jereo ny tontolon-kevitra
    a. Ny Daniela 2:31-35 dia arahin'ny fanazavana ao amin'ny Daniela 2:36-45.
    b. Ny fanoharana nataon'i Jesosy, izay voarakitra ao amin'ny Matio 13:1-9, dia arahin'ny fanazavana ao amin'ny Matio 13:18-23
4. Aoka ireo mpaminany hafa handika faminaniana tany aloha.
    a. Isaia 7:14, Matio 1:18-23
    b. Isaia 9:1-2, Matio 4:12-16
    c. Jeremia 25:11-13, 2 Tantara 36:22-23
    d. Ohatra hafa?
5. Diniho ny tontolon-kevitra ara-tantara sy ara-kolontsaina
    a. 1 Korintiana 16:20 Inona no tontolon-kevitra ara-kolontsaina nisy tamin'ny fotoana nanaovan'ny Apostoly Paoly io antso io tamin'ny Kristiana tao Korinto? Ahoana no tokony hampiharantsika izany amin'ny fiainantsika ankehitriny?
    b. 1 Korintiana 14:34 Inona no tontolon-kevitra ara-kolontsaina nisy tamin'ny fotoana nanaovana io antso io? Ahoana no tokony hampiharantsika izany amin'ny fiainantsika ankehitriny?
6. Ampitahao amin'ny Soratra Masina ny Soratra Masina
    a. Ahoana no anambaran'ny Genesisy 2:16-17 ny laingan'i Satana ao amin'ny Genesisy 3:1-5?
    b. Ahoana no namalian'i Jesosy an'i Satana, izay nampiasa ny Soratra Masina ka nandiso izany rehefa naka fanahy Azy mba hitsambikina avy eny an-tampon'ny Tempoly? Matio 4:5-7 (Deoteronomia 6:16)
    d. Inona no fahamarinana miseho rehefa ampitahaintsika ny Matio 5:48 sy ny Lioka 6:36?
    e. Ahoana no amalian'i Jesosy ny fanontaniana napetrak’i Joba ao amin'ny Joba 14:14? Jaona 5:28-19, 6:40, 11:25-26

D. Mangataka tari-dalana avy amin'Andriamanitra

1. Iza no afaka manampy antsika handika araka ny tokony ho izy ny faminaniana? Jaona 16:13-15, Lioka 11:13
2. Zarao ny fotoana iray nahatsapanao fa nanampy anao ny Fanahy Masina mba hahatakatra mazava kokoa ny Tenin’Andriamanitra.